




VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA

VONJIMAICA TSY ARA-DRARINY,
TAFahoatra ary mitarazoka
eto Madagasikara

 **AMNESTY**
INTERNATIONAL

Ny Amnesty International dia hetsika maneran-tany atao ny olona mihoatra ny 7 tapitrisa, izay miady mba hisitrahana ny rehetra manerana an'izao tontolo izao ny Zon'Olombelona.

Vinanay ny mba ahafahan'ny tsirairay misitraka ny zo rehetra voarakitra ao amin'ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona sy ireo fenitra iraisam-pirenena hafa mifandray amin'ny Zon'Olombelona.

Izahay dia tsy miankina amin'ny fanjakana na fotokevitra politika na tombontsoa ara-toekarena na fivavahana ary avy amin'ny mpikambana ato aminay sy fanomezana avy amin'ny olona ny ankamaroan'ny famatsiam-bolanay.

© Amnesty International 2018

Raha tsy misy fanamarihana hafa, ny votoatin'ity taratasy ity dia mitondra ny fahazoan-dalana Creative Commons (attribution, non-commercial, no derivatives, international 4.0).
<https://creativecommons.org/licenses/by-nc-nd/4.0/legalcode>

Raha mila fanazavana fanampiny, tsidiho ny pejy mirakitra ny fahazoan-dalana ao amin'ny tranokalanay: www.amnesty.org

Ireo voalaza fa mitondra ny zon'ny mpamorona hafa ankoatra an'i Amnesty International dia tsy mitondra ny fahazoan-dalana Creative Commons.

Nivoaka voalohany tamin'ny 2017

Nataon'ny Amnesty International Ltd
Peter Benenson House, 1 Easton Street
London WC1X 0DW, UK

Tondro: AFR 35/8998/2018
Nadika tamin'ny teny anglisy

amnesty.org



Sary amin'ny fonony: Ao amin'ny fonja foiben'i Manakara, lehilahy miisa 200 eo ho eo, gadra vonjimaika ny ankamaroany, matory amin'ny tany ao anaty efitra iray hipoka olona mihoatra noho ny tokony ho izy. Amin'ny alinam, noho ny tsy fahampian'ny toerana dia mifandimby izy ireo isaky ny adin'iray rehefa mampilaza amin'ny alalan'ny tehaka ny mpiandry ny fonja © Amnesty International

**AMNESTY
INTERNATIONAL**



SAVALALANA

Tsy mety mihalefy efa am-polo taona maro izay ny fitanana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra, mitarazoka eto Madagasikara ary misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fomba fiasan'ny rafi-pitsarana ady heloka bevava izany.

Amin'ny lalàna iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona, tsy azo atao ny mihazona am-ponja ny olona miandry fitsarana. Heverina ho mbola tsy manan-tsiny, mandra-pisian'ny porofo mahameloka azy, ireo olona notanana vonjimaika, izany hoe, ireo olona miandry fitsarana na mbola eo an-dàlana ny fitsarana azy ary mbola tsy voaheloka izy. Amin'ny lalàna iraisam-pirenena, manan-jò ihany koa izy ireo, toy ny fahazoana mpisolovava, fahazoana torohevitra sy tolotra ara-pitsarana maimaimpoana ho an'ireo voafonja mahantra, ny zo hotsaraina ao anatin'ny fotoana ara-drariny sy hazonina tsy akambana amin'ireo olona voaheloka.

Ny fihazonana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra ary mitarazoka dia saika makahasika ny lehilahy sy ny vehivavy, ny olon-dehibe sy ny ankizy. Ara-taratasy, mankatoa ny endrika miavaka ny fihazonana vonjimaika ny lalàna eto Madagasikara, tamin'ny alalan'ny fanitsiana roa natao tamin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka bevava ny taona 2007 sy 2016. Na teo aza izany, ny fikarohana nataon'ny Amnesty International dia nampiseho fa tsy nahomby tamin'ny famahana ny olona momba ny

fitazonana am-ponja alohan'ny fotoam-pitsarana ireo fanavaozana ireo.

Mifanohitra tanteraka amin'ny didy voalazan'ny lalàna iraisam-pirenena sy ny lalàna misy eo amin'ny fireneny, izay milaza fa fepetra manokana ny fitazonana am-ponja vonjimaika, marobe mihoatra noho ny isan'ireo olona efa voaheloka ny isan'ireo olona mbola tsy voaheloka hazonina am-ponja eto Madagasikara. Tamin'ny volana oktobra 2017, 55% na mihoatra ny antsasaky ny voafonja ireo gadra mbola tsy nandalo fitsarana. Efa fandikan-dalàna ary isan'ny antony mahatonga ny fonja ho diso hipoka olona, no sady mandany ny volam-bahoaka ary mitera-doza eo amin'ny fahasalamana sy ny zon'ireo voafonja, ny fianakaviany sy ny fiaraha-monina misy azy ny fitanana am-ponja vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra sy mitarazoka ela loatra. Manitsakitsaka ireo Zon'Olombelona isan-karazany ny fanagadrana mitarazoka ela loatra mialohan'ny fotoam-pitsarana eto Madagasikara, isan'izany ny zo hanam-pahafahana, ny fametrahana azy mialoha ho tsy manan-tsiny, sy ny fikarakarana amin'ny maha olombelona ary ny fanajana ny hasina maha olona azy. Raha ny marina, ny fepetra henjana sy mampalahelo hitazonana ireo gadra vonjimaika dia mampiharihary ny habibiana, ny tsy fanajana ny maha olona sy fanimbazimbana azy.



Mananga-tànana ireo olona notanana vonjimaika, MC Manakara, Septambra 2018.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFAHOATRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International



Toy ny any amin'ny fonja hafa, ny lehilahy notanana vonjimaika ao amin'ny MC Manakara dia mijaly noho ny hamaroan'ny gadra diso tafahoatra, izay mampidi-doza ho an'ny fahasalamany, Aogositra 2017.



Voapanga noho ny fandikan-dalàna madinika sy tsy misy heriset-ra ireo vehivavy notanana vonjimaika, ary tsy manan-tsafidy fa tsy maintsy mitazona ny zanany miaraka aminy. September 2018 @ Amnesty International

Araka ny fantatra dia lehilahy ny ankamaroan'ireo olona voatana am-ponja vonjimaika (89%) ireo, izy ireo ihany koa no tena iharan'ny fepetra fanagadrana mitarazoka sy ny tsy fanajana ny maha olona ary miaina ny fahabetsahan'ny olona tafahoatra, ary iharan'ny voka-dratsin'ny fanararaotana aranofo sy ny fanolanana, izay mifandray amin'ny maha vehivavy sy ny tsy maha ampy taona azy ireo kosa ny vehivavy (6%) ary ny ankizy (5 %). Ohatra, tsy mahazo fitsaboana sahaza azy sy izay araka ny tokony ho izy ny vehivavy bevohoka sy ny vehivavy manan-janaka miara-voafonja aminy. Mazàna, tsy omena fampianarana na fanofanana ny ankizy, izay mbola endrika fanitsakitsahan'i Madagasikara ny lalàna ihany koa izany. Tao anatin'ny folo taona izao dia mampanahy fatratra ny fitombon'ny tahan'ireo vehivavy sy ankizy ireo notanana am-ponja vonjimaika.



Ao MC Manakara, nasehon'ny voafonja vonjimaika iray ny anjara mangahazo omen'ny fonja azy isan'andro. Manerana ireo fonja notsidihina dia ny tsy fahampian'ny anjara sakafony no tena olona amin'ireo voafonja. Tamin'ny Septambra 2018, ao MC Manakara, dia maherin'ny 130 ny isan'ny voafonja tsy ampy sakafo nahazo sakafo fanampiny avy amin'ny fikambanana miankina amin'ny fiangonana samihafa. September 2018 @ Amnesty International

Matetika tazonina any am-ponja vonjimaika maharitra ela ireo gadra noho ny fandikan-dalàna madinika sy tsy misy herisetra tahaka ny fangalarana akoho na finday, famoronana na fanaovana taratasy fanamarina hosoka: heloka tsy tokony hampigadra mialohan'ny fotoam-pitsarana, indrindra ny fihazonana maharitra ela. Niaiky ireo mpitsara izay nohadihadian'ny Amnesty International fa matetika izy ireo ny mampihazona vonjimaika ireo olona voampanga amin'ny heloka madinika sy tsy misy herisetra.

Ny ankamaroan'ireo voafonja vonjimaika nohadihadian'ny Amnesty International dia saika olona mahantra, avy any ambanivohitra, tsy nandalina fianarana sy tsy mahafantatra akory ny zony. Tsy vitany hoe miharitra fijaliana tsy ara-drariny noho ny fanagadrana vonjimaika ihany ireo mahantra, izay matetika tsy manana ho enti-manana hanakaramana mpisolovava, fa tena mizaka tsy araka ny tokony ho izy ny voka-dratsiny ihany koa izy ireo. Atahorana ny fahasalaman'izy ireo, eny fa na ny ain'izy ireo noho ny tsy fahavitan'ny fanjakana: manome sakafo ampy, ny fikarakarana ara-pahasalamana sy ny fenitra ara-pahadiovana ho fitandrovana ny fahasalamany mandritra ny fihazonana. Marefo kokoa izy ireo raha mihoatra amin'ireo manam-bola hividiana sakafo, akanjo, kidofo sy lamba firakotra any am-ponja, na mahazo izany avy amin'ny hafa any

ivelan'ny fonja mba hanatsarana ny toetoetry ny fihazonana azy ireo.

Ity tatitra ity dia manasongadina ny fiantraikan'ny fihazonana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra sy mitarazoka ary koa ny tsy fahombiazan'ny fanjakana amin'ny famahana ny olan'ireo fepetra tsy manaja ny maha olona mihatra amin'ireo voafonja, toy ny fametrahana azy ireo amin'ny toerana tery sy maloto, ny tsy fahampian'ny sakafo no sady mbola tsy zarizary sy ny tsy fisian'ny fitsaboana sahaza. Asongadin'ity tatitra ity ihany koa ireo fahasaratana atrehin'ny voafonja amin'ny fifaneraserana amin'ny fianakaviany, amin'ny tsy fahampian'ny fahatakarana ny raharaha hiampangana azy ireo, miampy ny tsy fahafahana mahazo fanampiana ara-pitsarana ihany koa, izany dia midika fa ireo mahantra indrindra amin'ireo voafonja no mety ahiana indrindra ho iharan'ny fitazonana vonjimaika mandritra ny volana na ary mety ho taona maromaro mihitsy, ary miteraka fahavoazana ara-batana sy ara-tsaina izay sarotra sitranina ny vokat'izany. Araka ny voafaritra ao amin'ny lalàna malagasy, ny fanagadrana mialoha ny fitsarana dia mety haharitra hatramin'ny dimy taona sy tapany ho an'ny olon-dehibe ary 33 volana kosa ho an'ny ankizy. Efa nanadihady lehilahy sy vehivavy voatazona am-ponja mihoatra ny telo taona, sy ankizy notanana mihoatra ny roa taona, tsy nisy fitsarana ny Amnesty International.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFAHOATRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International

FOMBA FIASA SY FANKASITRAHANA

Tamin'ny volana Aogositra 2017 lasa teo, nanatontosika fikarohana teny ifotony tany amin'ireo fonja miisa sivy eto Madagasikara ny Amnesty International, niompana betsaka tamin'ny fomba fanao sy ny fepetra fitazonana am-ponja vonjimaika ny fanadihadiana izay nataony. Nofantenana ireo fonja sivy notsidihana, ka fonja foibe ny valo tamin'ireo fonja ary ny iray kosa fonja mafy fiarovana, nosafidiana ireo mba hisy solotena avy koa ireo faritra samihafa, na ny Afovoantany na ny Amorontsiraka. Notsidihan'ny Amnesty International ihany koa ireo fonja feno olona indrindra sy ahitana voafonja vonjimaika indrindra eto amin'ny firenena.

Nanadihady olona miisa 70 ny Amnesty International: 44 amin' ireo dia voafonja alohan'ny fitsarana (lehilahy 25 sy vehivavy 19), ary 11 ny ankizy. Natao tsirairay ny resadresaka, tsy natrehin'ny mpandraharahan'ny fonja, ary natao tamin'ny teny anglisy, frantsay ary malagasy natrehin'ny mpandika teny. Nanadihady mpandraharahan'ny fonja miisa 17 ihany koa ny Amnesty International, isan'izany ny talen'ny fonja sy ny talem-paritra ny fonja ary ireo mpiasan'ny fitsarana sivy, isan'izany ny filoha sy ny mpampanoa lalàna ao amin'ny Fitsarana, ny filohan'ny mpisolovava sy ny filohan'ny sendikan'ny mpitsara; ireo mpikatroka avy amin'ny firaisamonim-pirenena sy ireo tompon'andraikim-panjakana miasa sy ao anatin'ny fitantanana ny fonja sy ny fitsarana.

Ankoatra ny fanadihadiana izay natao, nitsidika ireo efitranon'ny fonja, ny lakoza, ny toerana fanatobiana rano sy toeram-pidiovana ary ny biraon'ny mpandraharahan'ny fonja ihany koa ireo mpanao fanadihadiana. Mialoha sy aorian'ny asa natao tamin'ny fidinana ifotony, nanao fikarohana tamin'ny alalan'ny famakafakana antontan-kevitra marobe ny Amnesty International ary namakafaka ihany koa ny lalàna

iraisam-pirenena sy lalàna anatin'ny izay manankery. Nofakafakain'ireo mpikaroka ihany koa ireo antontan-taratasy efatra ahitana ny antontan'isan'ny fonja, izay natolotry ny sampandraharahan'ny fonja foibe, ka natao lasitra ny fanadihadiana antontanisa hatolotra ato anatin'ity tatitra ity ihany koa. Na izany aza, nahitana endri-javatra tsy mitombona maromaro tao anatin'ilay antontanisa ofisialy ny Amnesty International, tsy manana vaovao marina, azo itokisana ary nasiam-panavaozana manaraka ny andro momba ny fonja ireo manampahefana malagasy.

Ity tatitra ity ihany koa dia nahazo tombony noho izy mifandray tamin'ny famakafakana ireo vokatry ny fanadihadiana notontosain'ny Amnesty International sy ireo tompon'andraikitra ny fonja manerana ireo fonja sivy notsidihana, tamin'ny Marsa 2018. Fonja enina, ahitana gadra vonjimaika eo amin'ny 2 000 eo ho eo izay mbola miandry fitsarana, no mba nizara izay fari-pahalalana ananany sy ny fari-pahaizany mikasika ny lalàna.

Maneho fiisaorana feno ireo manam-pahefana malagasy ny Amnesty International noho ny famelany malalaka ireo mpanao fikarohana hiditra ao amin'ny fonja misy ao amin'ny firenena. Toloranay fisaorana manokana ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny fandraharahan'ny fonja noho ny fandraisany anjara sy ny fiaraha-miasa izay nasehon'izy ireo nandritra ity fanadihadiana ity, indrindra tamin'ny fanamorana ny fanadihadiana sy ny fizarana ny antotam-baovao azo antoka mifandraika amin'ny nangatahana. Farany ny Amnesty International dia maneho fisaorana ho an'ireo voafonja noho izy ireo nizara tsy nialasalala ny tantarany. Mba hiarovana sy ho fanajana ny fiarovana ny tsirairay, tsy misy anarana mazava na famantarana ny mombamomba ireo voafonja nohadiadiana hita amin'ity tatitra ity.



Ao MC Manakara, ny ankamaroan'ny zazalahy voatana dia notanana vonjimaika, ary 13 taona ka hatramin'ny 17 taona izy ireo. Ny tsy fahampian-tsakafo, ny aretin-koditra sy aretim-pisefona, ny tsy fifaneraserana amin'ny fianakaviany, ary ny tsy fisian'ny atao no tena mampahory azy ireo. Septambra 2018.

TOETRY NY FITAZONANA AM-PONJA

“‘‘Ao anatin’ny, tsy afa-po ireo gadra. Tsy matory tsara izy ireo, tsy maintsy mitsangana ny sasany satria tsy manana efitra, ka mifandimby izy ireo matory. Ao amin’ny efitra faha-enina, miisa 133 ireo gadra amin’izao fotoana izao - efa manakaiky ny isa zakan’ny fonja manontolo izany’’

Talem-paritra manara-maso ny fonja foiben’i Manakara, 25 aogositra 2017

Naneho ireo fepetra mampalahelo hitazonana ireo gadra vonjimaika ny fitsidihan’ny Amnesty International an’ireo fonja miisa sivy. Maizina sy maloto, hipoka olona ny ankamaroan’ny efitrano, nefa tsy ampy rivotra na hazavana, miteraka loza goavana ho an’ny fahasalamana ara-batana sy ara-tsain’ireo voafonja anefa izany. Tamin’ny taona 2017, miisa 129 ireo voafonja maty tao amin’ny fonjan’i Madagasikara, 52 tamin’izy ireo no gadra vonjimaika. Araka ny voalazan’ny mpandraharahan’ny fonja, ny antony fototra mahatonga ny fahafatesana dia ny olana ara-pisefoana, ny aretim-po sy ireo lazainy hoe faharatsian’ [ny fahasalamana] amin’ny ankapobeny.



Ao amin’ny fonja maro manerana ny firenena dia voatazona ao anaty efitrano tsy misy toeram-pivoahana misy rano ireo gadra. Noho ny hamaroan’ny olona dia voatery matory latsakin’iray metatra miala toeram-pivoahana ireo voafonja. Septambra 2018.



Ao amin'ny fonja maro manerana ny firenena dia voatazona ao anaty efitrano tsy misy toeram-pivoahana misy rano ireo gadra. Noho ny hamaroan'ny olona dia voatery matory latsakin'iray metatra miala toeram-pivoahana ireo voafonja. Septambra 2018

Efa simba ny fonja, tsy ampy ny fitaovana, tsy misy fanohanana ara-bola, ara-pitaovana amin'ny ankapobeny. Nitaraina tamin'ny tsy fahampian'ny fitaovana, tahaka ny taratasy, fampitaovana ara-solosaina, fanaka sy fitaterana ny mpandraharahan'ny fonja.

Tsy nisy tamin'ireo fonja izay notsidihana no mba nahitana fampisarahana-toeran'ny voatanana am-ponja vonjimaika sy ireo voafonja efa voaheloka, tahaka ny voasoratra ao amin'ny fenitra sy ny lalàna iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona izany, ary ny telo tamin'izy ireo fonja aza moa tsy manasaraka akory ny ankizilahy amin'ny lehilahy lehibe. Araka ny tatitra izay nataon'ny mpitantanana ny fonja fa ny 24 amin'ireo 42 fonja foibe no mba manana faritra misaraka natokana ho an'ny zaza tsy ampy taona, ary ankizy tsy ampy taona an-jatony kosa

no mbola mifonja miaraka amin'ny olon-dehibe, efa endrika fandikana sy fanitsakitsahana ny lalàna iraisam-pirenena sy ny lalàna misy eto amin'ny firenena izany. Tsy misaraka amin'ny vehivavy lehibe ihany koa ny ankizivavy, ary na dia any amin' ireo fonja vaovao vao natsangana aza, dia tsy voamana ao ny fanasarahana-toerana ny ankizivavy amin'ny vehivavy lehibe.

Tamin'ireo fonja rehetra notsidihana, ireo mpikaroka mpanao fanadihadiana dia nahita fa ratsy tanteraka ny fepetra fidiovana, tsy misy ny fitsaboana, tsy ampy ny sakafo ary tsy zarizary, ny fahafahana mahazo fanabeazana na fampiofanana arak'asa ary mbola voafetra ihany koa ny fifandraisana amin'ny fianakaviana.

FLORENT*



Mpiambina ny fonja, MC Antsirabe. Septambra 2018

Miharihary fa olona tsy ampy sakafo i Florent*, tsy nitsahatra niala tsiny izy noho ny fitafiany rovitra sy maloto.

“Ireto no akanjo mba hananako. Mangatsiaka aho amin’ny alina. Tsy mandeha matetika ny rano, ka tsy afaka midio na manasa ny lambanay izahay. Maloto ny akanjoko, maloto ny vatako.”

Rehefa voapanga ho nangalatra omby i Florent dia voatazona am-ponja vonjimaika efa nandritra ny telo taona sy fito volana izay. Raha ny filazany dia tsy mbola nahita ny zanany roa lahy mihitsy izy hatramin’ny nanagadrana azy.

“42 aminay no matory miray efitra ary tsy misy toerana hatoriana fa matory amin’ny tany aho. Maro ny olona lasa marary. Misy ny mikohaka, ny sasany mangovitra, ary ny hafa lasa mangatsiaka fatratra. Ary miady hanina ny olona satria tsy ampy izany ...

Tena maniry aho ny hotsaraina fa tena mijaly ato.”



Zo fototra ho an’ ireo voafonja sy ny gadra, ny fahazoana ny fifandraisana amin’ny fianakaviany no tena mahaseriny ireo voahazona vonjimaika noho ny antony iray fanampiny, toy ny: ny tsy fahavitan’ny fanjakana manome sakafo ampy sy sahaza ary ireo zavatra ilaina manokana, ka eo matetika no miditra an-tsehatra mameno ny banga ny fianakaviana. Efa ho am-pahatelon’ny voafonja nanontaniana no nilaza fa tsy nahita

na nifampiresaka akory tamin’ny fianakaviany hatramin’ny nihazonana azy, na dia efa notanana vonjimaika nandritra ny efa-taona sy tapany ny sasantsasany tamin’izy ireo. Tamin’ny ireo olona 14, efatra izy ireo no nilaza fa tsy mahafantatra ny fihazonana azy ireo akory ny fianakaviany, ny roa amin’izy ireo, izay zaza ny iray, mino fa mety nihevitra azy ireo ho efa maty ny fianakaviany.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFAHOTRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International

MAHATONGA NY TSY RARINY: NY ELANELANA EO AMIN'NY LALÀNA SY NY FAMPIHARANA



Araka ny voalaza ao amin'ny lalàna malagasy, ny fanagadrana vonjimaika dia mety haharitra hatramin'ny dimy taona sy enim-bolana raha ho an'ny olon-dehibe ary 33 volana kosa ny ho an'ankizy. Izany fe-potoana lava be hitazonana am-ponja mialoha ny fitsarana izany dia fanitsakitsahana ny lalàna sy ny fenitra iraisam-pirenena sy ny lalàna eto an-toerana izay mifandray amin'ny Zon'Olombelona

Ny fihazonana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra ary mitarazoka dia manomboka amin'ny fotoam-pisamborana. Raha 48 ora ny fotoana voalohany fihazonana ataon'ny polisy, ny lalàna dia mamela ny polisy hiazona hatramin'ny 12 andro, arakaraky ny halavirana eo amin'ny toerana nanaovana ny fisamborana sy ny toerana misy ny biraon'ny polisy misahana ny fanadihadiana.

Nanadihady voafonja vonjimaika maromaro ny Amnesty International, nihevitra ireo voafonja ireo fa ny hany antony tokana nisamborana sy nihazonana azy ireo dia satria nisy olona nandoa vola amin'ny polisy mba hanao izany, fa tsy hoe nisy porofo hanenjehana azy ireo velively.

Nilaza tamin'ny Amnesty International ireo olona nohadihadiana fa raha tokony hanao fanadihadiana lalina, dia matetika mampiasa herisetra ny polisy mba hahazoana “fiaikenkeloka” avy amin'ireo olona voarohirohy mba hanakatonana haingana ny raharaha.

Na dia voalaza tsara ao anaty ny lalàna aza dia zara raha ampiasaina ireo fomba hafa ankoatra ny fanagadrana. Raha ny mahazatra, dia matetika tazonina vonjimaika mandritra ny fotoana feno alohan'ny fitsarana ireo voafonja vonjimaika, indrindra rehefa tsy manana fahafahana manakarama mpisolovava izy ireo.

“Miangavy re mba hafaingàno ny raharaha momba ahy mba ahafahana mitsara ahy. Satria efa 14 volana izay nefa mbola tsy notsaraina aho.”

Sedera*, 17 taona

Tamin'ireo voafonja vonjimaika 44 nohadihadian'ny Amnesty International dia valo ihany no nilaza fa nanana mpisolovava, ankizy tao amin'ny fonjan'Antanimora ny telo tamin'izy ireo, izay fikambanana tsy miankina iray ao an-toerana no nanendry ny mpisolovava ho azy ireo. Tamin'ny fanadihadiana nataon'ny Amnesty International tamin'ireo voafonja vonjimaika miisa 1.911 ny volana Marsa 2018 lasa teo dia hita fa ny 85% tamin'ireo nohadihadiana no nilaza fa tsy nanana mpisolovava, ary nilaza ny antsasa-manila fa tsy nahafantatra akory ny asan'ny mpisolovava. Mbola mampanahy kokoa noho izany, maro ireo mpitsara ao amin'ny fitantanam-pitsarana no tsy resy lahatra amin'ny fampiharana ny lalàna amin'ny fanomezana fanampiana ara-pitsarana.

Tamin'ny fanadihadiana nataon'ny Amnesty International dia hita fa rehefa amin'ny fotoam-pitsarana sy amin'ny heloka bevava tena goavana ihany vao mipoitra ireo mpisolovava tendrena hanampy ara-pitsarana, ary tena ankavitsiana no mahazo karama. Isany antony mahakivy ireo mpisolovava izany, satria izy ireo ihany matetika no tsy maintsy mandoa ny lanin'izy ireo amin'ny fivezivezena, ny trano sy ny sakafon'izy ireo amin'ny fanampiana ara-pitsarana izay atolony.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFAHOATRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International

FANAMBY

Ny famerana sy ny fahavitsian'ny fotoam-pitsarana ady heloka bevava tsotra sy manokana no antony roa lehibe manampy trotraka ny fahalavan'ny fotoana fihazonana vonjimaika.

Araka ny voalaza ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny ady heloka bevava, tontosaina indroa isan-taona ny fitsarana ady heloka bevava, azo atao ny manisy fotoana fanampiny raha manamporofo izany ny isan'ny raharaha, miankina amin'ny enti-manao eo am-pelatanana no hanatanterahana izany.

Ny tetibolam-panjakana natokana ho an'ny Ministeran'ny Fitsarana dia nihena nanomboka tamin'ny taona 2010, lasa 2,4% amin'ny toatalin'ny tetibola rehetra tamin'ny taona 2010 ka hatramin'ny 1% monja tamin'ny taona 2017. Ny tetibola natokana ho an'ny fitantanana ny fonja sy ny rafi-pitsarana dia tsy ampy ahafahana manodina amin'ny tokony ho izy ny fitantanandraharaham-pitsarana ady heloka bevava. Tsy ampy ny isan'ireo mpiasa mpandaharahan'ny fonja ary ireo fitaovana omena hampiasany manoloana ny fahabetsahan'ny isan'ny voafonja sy ny gadra.



Mpiambina ny fonja, MC Antsirabe. Septambra 2018 @ Amnesty International

Ao MC Antanimora, aman-jatony ireo taratasy ao amin'ny arisiva, miavosa efa am-polo taona maro. Tsy ampy noho izany ny fampidirana an-tsolosaina. Aogositra 2017 @ Amnesty International

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFHAOTRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International

FEHINY SY FANATSARANA

Raha napetraky ny Lalampanorenana'i Malagasy fa fepetra manokana ny fihazonana vonjimaika, ny zavamisy kosa dia mihoatra ny antsanany ny olona ao am-ponja no miandry fitsarana na mbola eo andalam-mpanatontosana ny raharaham-pitsarana azy. Manitsakitsaka ny lalàna eto an-toerana sy iraisampirenena momba ny Zon'Olombelona izany, isan'izany ny zon'ny tsirairay tsy hotazonina tsy misy porofo, ny zo hotsaraina haingana, ny hametrahana azy ho toy ny tsy manan-tsiny mandra-panaporofoana fa meloka izy taorian'ny fitsarana ara-drariny sy tsy misy fiangarana, zo tsy hiharan'ny fampijaliana na sazy hafa maneho habibiana na manimbazimba ny maha-olombelona sy ny Zon'Olombelona maro hafa, ka ao anatin'izany ny zon'ny ankizy. Tazonina amin'ny fepetra mahonena ireo gadra vonjimaika eto Madagasikara, izay mampidoza eo amin'ny fiainan'izy ireo izany no sady tsy manaja ny fenitra sy lalàna eto an-toerana sy iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona. Tsy nataon'ny fanjakana ho laharam-pahamehana ny fanohanana tena ilaina ho an'ny rafi-pitsarana



Ao MC Manakara, fadiranovana ny ampahefatry ny vehivavy voafonja eo noho eo, izay notana vonjimaika ny ankamaroany. Manan-jaza sy ankizy kely miara-miaina aminy izy ireo. @ Amnesty International

ady heloka bevava, izay niteraka fahavitsian'ny olona sy fitaovana ampiasaina.

Ny ankamaroan'ireo olona marefo ara-toekarena na sahirana, tsy nandia fianarana sy mahantra avy any amin'ny faritra ambanivohitra no tena iharan'ny fihazonana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra sy mitarazoka. Mandany volana na taona maro any am-ponja ny ankamaroan'izy ireo noho ny fandikan-dalàna madinika toy ny halabotry, hosoka sy fitaka. Noho ny tsy fahampian'ny fahalalana na tsy fahafantarana ny zon'izy ireo na ny enti-manana ho entina hiarovan-tena, ny mahantra no tena mijaly indrindra mandritra ny fihazonana azy ireo. Na dia misy aza olona navotsotra volana vitsy aorian'ny nihazonana azy vonjimaika dia mety hisy fiantraikany maharitra ela ny nanagadrana azy ireo. Mety ho very asa izy ireo, ary tafiditra lalina kokoa ao anaty fahantrana. Noho ny faharatsian'ny fepetra nihazonana azy ireo, maro ireo nivoaka ny fonja no tandindondondoka ka lasa marefo ara-batana sy ara-tsaina.

Tsy maintsy mandray fepetra tsy misy hatak'andro ny manam-pahefana malagasy mba hahazoana antoka fa miasa am-pahombiazana tokoa ireo sampan-draharaha tsirairay ao amin'ny fitsarana ka hametraka ny fihazonana vonjimaika ho fepetra manokana, ary raha natao izany fihazonana izany dia tokony hotsaraina haingana ireo voampanga. Fanampin'izany, tsy maintsy hiantohan'ny fanjakana koa ny fikarakarana ny maha-olona ireo voafonja ary hajaina sy harovana ny zon'izy ireo. Amin'ny fanaovana izany, ankoatra ny fanajana ny adidin'ny firenena eo amin'ny sehatra iraisampirenena, ny manampahefana dia manao izay fomba hampihenana ny hafenoan'olona tafahoatra any am-ponja, ny olana ara-bola, ara-pitaovana ary arak'olona ary hiantoka ny fampandehanana mahomby sy azo antoka ny fonja.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFahoatra ary mitarazoka eto Madagasikara
Amnesty International

FANDRISIHANA GOAVANA

HO AN'NY MANAMPAHEFANA MALAGASY:

- Raiso ny fepetra rehetra, ilaina amin'ny lalàna, politika sy fampiharana, mba hamaranana ny fitazonana vonjimaika tsy ara-drariny, tafahoatra sy mitarazoka, ary ahafahana miantoka dingana ara-drariny ho an'ireo olona ahiahiana rehetra ary manome fepetra manaja ny maha-olona amin'ny fitàna am-ponja. Ny tena zava-dehibe dia tsy manao dingana hiantohana ny fitovian-jo feno eo hanatrehan'ny lalàna, mba tsy ireo olona mahantra ihany no tena iharan'ny fihazonana am-ponja vonjimaika.
- Ny manampahefana malagasy dia tokony hanasa ny Vondron'ny Firenena Mikambana misahana ny Fanagadrana tsy amin'ny antony sy ny Iraka Manokan'ny Firenena Mikambana mba hanadihady ny fampijaliana sy famaizana hafa feno habibiana, tsy manaja sy manimbazimba ny maha-olona mba hitsidika an'i Madagasikara ary hamela azy ireo hiditra malalaka.
- Manomeza antoka amin'ny lalàna sy ny fampiharana fa ny famotsorana vonjimaika no fitsipika ankapobeny, fa ny fitanana am-ponja vonjimaika dia voafetra ho an'ny raharaha hitan'ny fitsarana fa misy antony manokana, mivaingana ary tsy azo anoharana ho tombontsoan'ny fitsarana sy ny fiarovana. Tokony iverimberenina dinihina matetika sy azo ampiakarina fitsarana ambony ny fanapahan-kevitra tahaka izany.
- Ataovy fanitsiana ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka bevava mba hiantohana fa ho entina haingana eo anoloan'ny fitsarana ireo olona rehetra voasambotra, hamaritana ny maha ara-dalàna ny fihazonana azy ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra velively ny 48 ora, araka ny fenitra iraisam-pirenena momba ny Zon'Olombelona.
- Manomeza antoka fa ny olona rehetra voampanga dia manana mpisolovava amin'ny dingana ara-pitsarana rehetra, anisan'izany ny fanomezana mpisolovava ho an'ireo voafonja rehetra tsy mahavaloa izany; ary manitsy ny andininy faha-65 sy faha-68 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka bevava, izay mametra ny fanatrehan'ny mpisolovava amin'ireo raharaha mety hahazoana didy fampidirana am-ponja dimy taona farafahakeliny.
- Manomeza fanonerana ho an'ireo lasibatry ny fisamborana na fanagadrana tsy misy antony mazava na fampijaliana na sazy hafa sy famaizana feno habibiana, tsy manaja na ny maha-olona na manimbazimba; anisan'izany ny fandikana ireo fepetra maneho ny tsy fanajana ny maha-olona mandritra ny fihazonana am-ponja, araka ny fenitra iraisam-pirenena sy ny Andininy faha- 9 sy faha-13 amin'ny Lalàmpanorenana.
- Avoaka ny fonja avy hatrany izay olona nogadraina fotsiny noho ny heloka madinika izay nataon'ny fianakaviany.
- Mampihatra hankahamehana ny Drafitr'asam-pirenena (National Action Plan) manana tanjona mivaingana sy anaty fe-potoana voafetra mba hanatsarana ny fepetran'ny fihazonana am-ponja eto Madagasikara, ary mampifanaraka azy ireo amin'ny fenitra iraisam-pirenena, indrindra, ny fitsipika Nelson Mandela sy ny Fitsipik'i Bangkok (ho an'ny vehivavy sy ny tovovavy).
- Havaozy sy harafeto faran'izay haingana indrindra azo tao indray ny fonja mba hiantohana fa ampy ny toerana hanasarahana ireo sokajin-gadra isan-karazany, indrindra ny ankizy sy ny olon-dehibe, araka ny fenitra sy ny lalàna iraisam-pirenena.
- Hampitomboy ny tetibola omena ny Ministeran'ny Fitsarana, ary indrindra ny omena ny fitantanana ny fonja, mba hiantohana fa ampy izay rehetra ilaina amin'ny fampiodinana ny fonja araka ny lalàna sy ny fenitra iraisam-pirenena.
- Manome toky fa amin'ny tranga tena manokana ihany no ampiasaina amin'ny ankizy mifanolana amin'ny lalàna ny fitazonana vonjimaika ary manao laharam-pahamehana ny fijerena ny fomba hafa ankoatra ny fanagadrana (araka ny Lalàna 2016-018), indrindra amin'ny fandikan-dalàna toy ny hala-botry.
- Ataovy ny fanitsiana ny didy hitsivolana 2016-018 mba hampihenana ny fe-potoana hitazonana am-ponja vonjimaika lava indrindra ho an'ny ankizy.
- Ampitomboy ny fampiasana fomba hafa ankoatra ny fanagadrana, anisan'izany ny famotsorana vonjimaika na amin'ny fandoavana antoka ho an'ireo nohazonina mialoha ny fitsarana. Tokony ampiadirina amin'io fepetra io ny fiheverana ny fahafahan'ny voampanga handoa antoka mba tsy ho voavakavaka ireo olona sahirana ara-bola.

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAIKA TSY ARA-DRARINY,
TAFAHOATRA ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA
Amnesty International

**AMNESTY
INTERNATIONAL DIA
HETSIKA MANERANTANY
MANDALA NY
ZON'OLOMBELONA.
NY TSY RARINY MIHATRA
AMIN'NY IRAY, DIA
RAHARAHANTSIKA
REHETRA.**

FIFANDRAISANA



www.amnesty.org



info@amnesty.org



+44 (0)20 7413 5500

MANDRAISA ANJARA



www.facebook.com/AmnestyGlobal



[@AmnestyOnline](https://twitter.com/AmnestyOnline)

VOASAZY SATRIA MAHANTRA

FITANANA AM-PONJA VONJIMAICA TSY ARA-DRARINY, TAFahoatra ARY MITARAZOKA ETO MADAGASIKARA

Manizingizina ny politikam-pitsarana ankehitriny eto Madagasikara fa miditra am-ponja hatrany izay olona voampanga amin'ny heloka bevava mbola am-piandrasana fitsarana. Mety hiandry ny fitsarana azy mandritra ny taona maro izy ireo, ary vitsy na tsy misy mihitsy ny torohay momba ny raharahan'izy ireo. Nitrika toe-javatra miavaka izany satria lasa maro kokoa ny olona tsy voaheloka ao amin'ny fonjan'i Madagasikara raha hampitahana amin'ireo efa voaheloka.

Nitrika fanitsakitsahana maro samihafa momba ny Zon'Olombelona ny fampiasana tsy hampiheverana ny fitazonana am-ponja vonjimaika tsy aradrariny, tafahoatra sy lava loatra eto Madagasikara, izay asehon'ny Amnesty International tamin'ny alalan'ny fanadihadiana nataony tamin'ny rafitry ny fonja ato amin'ny firenena.

Ny ankahabetsahany, dia ireo lehilahy, vehivavy ary ankizy mahantra, tsy manana fahafahana haka mpisolovava no tena iharan'ny fijaliana vokatry ny fanagadrana azy ireo. Rehefa ao am-ponja, ireo voafonja sy ny fianakaviany dia miaina herisetra, fandrahonana sy fahaverezan'ny fidiram-bola ary fanabeazana, tsy fahampian-tsakafo, tsy fahasalamana ary fanilikilihana noho ny fiampangana azy ireo amin'ny heloka bevava tsy nahafahany manaporofy no maha tsy manan-tsiny azy ireo. Nitrika ny rafitra ho eo an-dalam-pirodanana ny kolikoly sy ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola.

Fotoana izao ho an'ny manampahefana eto Madagasikara hanavaozana ny rafitry ny fitsarana sy ny fonja. Ny Amnesty International dia mandrisika ny hampitsaharan'ny polisy na mpitandro ny filaminana sy ny fitsarana ny fandefasana ny olona rehetra hotazonina any am-ponja vonjimaika, fa kosa hampiasa ireo fomba hafa ankoatra izany izay voalaza ao amin'ny lalàna. Ilaina araka izany ihany koa ny fampihenana ny efa fahafenoan'olona be loatra ao am-ponja mba ho antokin'ny fanajana ny Zon'Olombelona eto Madagasikara.